


ALAHADY KAREMY 1- TAONA D 2025



« Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny teny rehetra avy amin'Andriamanitrmatetikaa »

(Lk. 4: 4)

Ry Kristianina havana, natombotsika tamin'ny Alarobia teo ny 40 andron'ny Karemy. Indro fa amin'izao Alahady voalohan'ny Karemy izao dia apetraky ny Eglizy mazava tsara

amin'ny alalan'ireo vakiteny fa ADY sady DIA ny fiaianana. Averimberintsika matetika izany teny izany ary io tokoa no fiaianam-pinoantsika. Izao Karemy izao dia fivelomantsika izany finoana izany satria ny fototry ny finoantsika dia ny fitsanganan'i Jesoa ho velona izay hankalazaintsika amin'ny

Vakiteny I : Det. 26: 4 - 10
Tononkira : Salamo 91
Vakiteny II : Rom. 10: 8 – 13
Evanjely : Lk. 4: 1 – 13

Paka. Araka ny asongadintsika tamin'ny andro voalohan'ny Karemy dia misy dikany manokana ho antsika ity karemy ity satria mitondra amin'ny Paka ankalazaintsika ny fototra ny famonjena antsika. Io indrindra anefa ny ivon'izao taon-jobily izao satria taon-jobilin'ny famonjena antsika. Izany indrindra no antenaintsika EOV JIABY mba hahay hanararaotra an'ity vanim-potoana lehibe ity izay antenaintsika sy iainantsika ny finoana. Araka ny fantatsika tsy tany malemy anorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka hamokatra be araky ny

sitrak'Andriamanitra isika ary sitrany ny hahavelona syahasambatra antsika. Izany no mahatonga antsika ho génération mpanorina, ho Eglisy Olona Velona ka hanorina Eglisy Tranon'Andriamanitra. Ry Kristianina havamalala, amin'izao Alahady voalohan'ny karemy izao dia tsy maintsy miatrika ireo fakam-panahy isika na manao akory ny fiainantsika, manana ohatra velona isika dia i Jesoa izay niady koa tamin'ny fakam-panahy araky ny henontsika ao amin'ny Evanjely. Rehefa vita batemy izy nentin'ny Fanahy masina dia niatrika izany fakam-panahy izany « *Tamin'izany andro izany i Jesoa dia feno ny Fanahy Masina ary niverina avy tany Jordany ka nentin'ny Fanahy tany an'efitra efapolo andro, sady nalain'ny devoly fanahy Izy, no tsy nihinana na inona na inona nandritra izany andro izany; ka noana nony tapitra izany.* ». Manamporofo fa nandray ny rofintsika rehetra tokoa i Jesoa

Raha miaina ny maha zanak'Andriamanitra antsika isika dia tsy maintsy misedra izany fakam-panahy izany, tsy hoe isika mitady fijaliana na fahorianana, sanatria izany ! tsy mitady antsika hiaina ao anatin'ny fahorianana Andriamanitra. Raha nampianatra vavaka I Jesoa tsy nampianatra antsika hoe “omeo anay anio ny fahorianay isanandro” fa kosa nivavaka “omeo anay anio ny hanina ho haninay isanandro” dia ny fiainana maha zanak'Andriamanitra. Tsy mandeha ho azy ny fiainana maha zanak'Andriamanitra ary izany no sedraintsika amin'izao karemy izao fa indrindra ireo izay miofana atao batemy. Ady sady Dia ny maha génération mpanorina antsika génération manorina fiainam-baovao amin'i Kristy vokatry ny fibebahana. Izany hoe : Ady amin'ny ratsy, amin'ireo zavatra rehetra manapotika ny fiainantsika sy ny fifandraisantsika amin'ireo zava-boaary sy ny tontolo iainana, Ady amin'ny ratsy manapotika antsika eo anivon'ny tontolom-piaintantsika, ireo fakam-panahy mikiky ny fiainantsika izay avy amin'ny tontolom-piaianana, ny rafitra lo mitarika antsika amin'ny ratsy satria isika no manangana ireo haratsiana maro manimba antsika, ka izao vanim-potoan'ny karemy izao dia harodantsika ireo ratsy ireo, ireo RAFI-PAHOTANA ireo ka tontolom-piaianana vaovao miaraka amin'i Jesoa mitsangan-ko velona no hiainantsika, tontolom-piaianana misy an'Andriamanitra, Ady amin'ny ratsy ka mankany amin'ny fiainam-baovao amin'ny Paka. Araka ny averimberintsika tandremo sao diso ady atrehina isika toa izay miady amin'ny atsy manapotika miady amin'ny olona isika ka mifanapotika.

Izany ady amin'ny ratsy sy ny dia miroso amin'ny fiainana mahazanak'Andriamanitra no ampianarin'ireo vakiteny amintsika androany amin'izao Alahady voalohan'ny karemy izao, izay azo antsoina hoe Alahady fiadiana amin'ny fakam-panahy ka mitondra antsika mankany amin'ny fiainam-baovao.

Ady amin'ireo fakam-panahy 3 izay mikiky ny fiainantsika :

Ny voalohany dia ny fitiavan-tena izay nosedrain'I Jesoa ka namaliany ny fahavalohoe : “ tsy ny mofo ihany fa ny tenin'Andriamanitra hoy I Jesoa ” rehefa nalain'ny demony fanahy hanova ny vato ho mofo izy. Tandindon'ny fitiavan-tena ny mofo, ny kibo no ataon'ireo tia

tena ho Andriamanitra, ny sakafo manambara fitiavan-tena. Ampianarin'I Jesoa isika hiady amin'izany fakam-panahy izany raha namaly hoe tsy ny mofo ihany no mahavelona fa ny Tenin'Andriamanitra. Jesoa nanavotra antsika dia nanaiky ho tonga olombelona na dia tsy mpanota aza izy fa nanaiky niady amin'ny fakam-panahy mba hanahafantsika azy miady amin'ny fakam-panahy. "Tsy ny mofo ihany fa ny tenin'Andriamanitra", Hiezaka isika ka ny ezaka ataontsika dia manambara fa indrindra amin'izao isika mivelona ny Sinaody faha-7 fijanonana fahatelo izay mampirisika antsika handrodana ny rafitra mitondra amin'ny korontana fa hanorina kosa tontolom-piaainana anjakan'ny rariny sy hitsiny lavitra ny fitiavan-tena manambara ny fandresen'ny Paka dia ny Fihavanana sady kristianina no malagasy. Anisan'ny lalana mitondra antsika amin'ny fanorenana tontolom-piaainana anjakan'ny fihavanana ny fametrahan'ny Tenin'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika sy ivon'ny fiainantsika. Mino aho fa samy mahatadidy ny fanantenana 10 taona lasa izay mba samy banana Baiboly ny fianakaviana, "eglisy kely » izay ny antsony ho fanilon'ny fiainantsika fa tsy ny mofo ihany ny mahavelona ny olona fa ny Tenin'Andriamanitra. Aoka àry hazoto mamaky ny Tenin'Andriamanitra ary hifampizarana fa indrindra amin'izao Sinaody izao

Ny fakam-panahy faharoa nanjo an'I Jesoa sy manjo antsika dia isika mitady hanompo Andriamanin-kafa, noho ny fahasoratam-piaainana dia mitady hampifangaro zavatra isika ka mandeha amin'ny toerana tsy tokony aleha matetika ka very fanahy mbola velona. Antintraterin'I Jesoa àry fa ny Tompo Andriamanitao no hivavahanao. Aoka isika amin'izao karemy izao hiverina ao amin'ny Tompo araky ny voalazan'ny pretra amintsika tamin'ny fanesorana lavenona "Mibebaha ary minoa ny Evanjely". Araraotintsika izao fotoan'ny karemy izao, hivavaka tokoa isika, mila fivavahana ny fiainantsika tsirairay, ny fiainam-pianakaviana, ny tanantsika, ny diosezintsika, ny firenentsika. Aoka hamerina ny fomba mahazatra dia ny vavaka alohan'ny matory mba hahafahana miady amin'ny fakam-panahy maro fa indrindra izay mety hitranga dia ny fanompoana ny Andriamanin-kafa. Aoka àry handresy an'izany isika ka tsy hampifangaro zavatra fa indrindra amin'izao karemy izao. Isaky ny sabotsy nataontsika eto amin'ny diosey ho andron'ny fianakaviana, mba hazoto handeha hivavaka miaraka ny fianakaviana isika ary ny Alahady rahateo natokana hivavahana hanatonantsika an'Andriamanitra bebe kokoa.

Ny fakam-panahy fahatelo nanjo an'i Jesoa sy manjo antsika koa dia ny fitadiavana voninahitra, lazain'I Jesoa mba tsy haka fanahy ny tombo Andriamanitao ianao, hifikitra sy hanompo an'Andriamanitra. Tsy ny voninahitra ny tena no tadiavina fa ny voninahitr'andriamanitra ary hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hivelona ny fiainana maha zanak'Andriamanitra. Io fakam-panahy fahatelo io dia ny fitadiavana ny tany malemy hanorenam-pangady. Isika mitady voninahitra dia manilika ny hafa, manao risoriso sy lainga ary fihatsaram-belatsihy. Aoka hanaraka ny làlan'ny hazo fijaliana isika izay làlana mitondra amin'ny famonjena, ny fifikirana amin'I Jesoa dia hahafahantsika miady amin'ireo fakam-panahy dia ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny lainga sy ny

fitapitaka. Ady sady Dia ny fiainana. Ny Dia dia ny fibanjinantsika an'i Jesoa mifantsika amin'ny hazo fijaliana ka aoka isika hifantsika miaraka aminy izany hoe hivelona ny finoana. Ilo no ambaran'ny vakiteny voalohany boky ny Deteronomy miaiky ny finoany ny vahoaka voafidy ka ho voavonjy. Antintraterin'ny vakiteny faharoa koa izany ao amin'ny taratasy nosoratan'I Md Paoly, raha mino an'i Kristy dia ho voavonjy. Ny finoana ao ampo sy am-pahamarinana dia hahazoantsika famonjena. Tsy finoana entim-pahazarana fa finoana ivelomana ka aseho amin'ny fiainana andavandro. Izay no mahatonga antsika ho Olon-dehibe amin'ny finoana. Azontsika onogna ny antony hanaovantsika izao Sinaody izao mba hahatonga antsika ho Olon-dehibe amin'ny finoana. Hararaotintsika izao vanimpotoan'ny karemy izao mba hifikirantsika amin'I Jesoa, handresentsika ny ratsy ka entintsika ao ampontsika ao Izy, tsy ny fitafiantsika no rovitintsika fa ny fontsika, esorintsika ireo "encombrements" maro isankarazany vokatry ny fakam-panahy, olombelona isika miloloha lanitra ka mety ho lena, mandia tany ka mety ho solafaka. Enga anie mba hanararaotra izao fotoana karemy izao isika mba hiombonantsika amin'i Jesoa, amin'ny alalan'ny fiainana maha zanak'Andriamanitra amin'ny fanaovana ny soa, amin'ny famolahantena ary indrindra amin'ny alalan'ny vavaka. Ivelona ireo asan'ny Famindrampo isika hanehoantsika ny fibebahana

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay mandritra izao karemy izao mba ho afaka amin'ireo fakam-panahy mila handrendrika anay, ireo harenan'ny tany mamitaka anay, afaho izahay tsy ho raikitra amin'ireny harena izay mamitaka anay ireny, afaho amin'ny voninahitra mety handrendrika anay, enga anie ny fonay ho feno anao mandrakariva ka hanjakanao anie ny fonay ka hahay hampanjaka ny fahamarinana sy ny tena fifankatiavana marina izahay, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka zary EOV manorina ETA izahay, hitondra anay tokoa amin'ny Paka izay antenainay hitondra fiadanana sy fiainam-baovao ho anay tsirairay, ny fianakaviana, ny fiaraha-monina, ny firenenay ary izao tontolo izao. Masina Maria Reny tantano ny dianay tsy hisaraka amin'I Jesoa hatrany amin'ny Kalvery mba higoka ny famonjena ka hahatonga anay ho Mpivahin Mpivahinin'ny Fanantenana hamafy fiadanana, sy hafaliana ary fihavanana sady kristianina no Malagasy hanasitrana izao tontolo izao izay marary tokoa ankehitriny. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy erantany ianao tantano ny fianakaviana tsirairay mba samy ho tafita amin'ny Paka famonjena Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson